GAZETY
tohiravina

TERAKA

www.teraka.org - n°10 - Septambra 2025 - MAIMAIMPOANA



ANDEHA ISIKA HIARA-HAMBOLY HAZO HO FANORENANA HOAVY MAHARITRA HO AN'NY TANINDRAZANTSIKA.

Ireo Soatoavina Fototra TERAKA :
1. Marina isika I 2. Mahitsy isika I 3. Mangarahara isika I 4. Miasa an-tsitrapo isika I 5. Miasa amin’ny fifanompoana isika I 6. Miasa amin’ny teti-bola ambany isika mba hahazoana vokatra lehibe I 7. Samy tompon’andraikitra isika

Ireo lohatenin-dahatsoratra hita ao anatin’ity Gazety ity :

1. **MIARO NY FAHASAMIHAFANA**
2. **NY VOKATRY NY FANISANA HAZO TANY SOAVINANDRIANA: Fanisana hazo izay maneho ny fahavononan’ny tantsaha any Soavinandriana.**
3. **NY FAHARETANA: antoky ny fandaharanasa TERAKA**
4. **NDAO HAROVANTSIKA AMIN’NY ZAVAMANIRY « MANIRINIRY FOANA » NY ALANTSIKA SY NY SAHANTSIKA !**
5. **NY TANIKO, NY ZANAKO, NY FANOLORANTENAKO**

Ny hazo tsirairay nambolena dia mihoatra lavitra noho ny fihetsika tsotra: FANANTENANA izany. FANANTENANA ho an’ny fiainana, ny faharetana ary ny ho avy. Amin'ny alàlan'ny programa TERAKA, misy tantara iombonana nosoratana izay miaro ny fahasamihafana, izay manome antony ny faharetana, ary ny fanoloran-tenan'ny olona tsirairay dia lasa tanjaky ny rehetra.

Ao amin'ny pejy manaraka dia hahita tarehimarika ianao, fa hahita ihany koa ny endriky ny tantsaha izay misafidy ny hanorina Madagasikara maitso kokoa, mamokatra kokoa, lonaka ary tsara tarehy. Hamaky tantara mampahatsiahy antsika ny hasarobidin’ny taninintsika koa ianao, ny maha-harena tokony harovana ny zavamananaina, ary ny fomba hamaritana ny fiainana rahampitso ny safidintsika ankehitriny.

Tsy fandaharanasa fambolen-kazo fotsiny ny TERAKA: fitiavana ny tanindrazantsika, lova velona atolotra ny ZANAKA. Miara-mamafy ny voan'ny hoavy maharitra isika, miaraka amin'ny faharesen-dahatra lalina fa ny hazo rehetra maniry dia mitondra fanantenana ny hisian'ny toetr'andro milamina, mamelona saha ary vondrom-piarahamonina matanjaka.

Enga anie isika hanohy ny fiarahana miroso amin’io lalana io, ao anaty fahatokiana fa ny zavaboary, malala-tanana sy mahatoky, dia ho afaka hamerina antsika avo zato heny amin’izay atolotra antsika ankehitriny. Mirary vaky teny finaritra, ary indrindra ... asa tsara!

1. MIARO NY FAHASAMIHAFANA

Indray andro dia nisy zaza iray nanadino ny harona feno vaonkazo teny ivelan'ny trano. Tao anatin'ny harona voalohany dia nahitana voankazo mitovy karazana. Tao anatin'ny harona faharoa kosa dia nahitana karazany maro samy hafa: ny sasany makirana manopy maintso, ny sasany mamy no sady efa masaka, tsy mitovy ny habeny, ny lokony ary ny tsirony.

Nony alina dia tratry ny orana sy ny rivotra teny ivelan'ny trano ireo voankazo ireo. Rehefa tonga ny maraina, ny voankazo tao anatin'ilay harona voalohany izay nahitana ny karazany mitovy dia nosimbain'ny bibikely ary nanomboka lo. Ilay samy hafa karazana tamin'ny harona faharoa kosa anefa dia mbola tsara avokoa.


Gaga ilay zaza ka nanontany Ray aman-dreny toa teny iray teo an-tanàna:

- "Fa maninona ilay voankazo tao amin'ny harona voalohany no simba avokoa, ilay tao amin'ny harona faharoa kosa anefa toa mbola tsara avokoa?". Hoy ity farany taminy:"-Miaro ny fahasamihafana anaka".

Ny karazanjavamananaina dia tsy misy valaka amin'izany: fahasamihafan'ny fiainana. Ny hazo sy ny zava-maniry, ny bibikely sy ny vorona, ny trondro sy ireo zava-manan'aina majinika tsy hitan'ny maso dia miara-miaina sy miara-miasa toy ny fianakaviam-be iray. Arakaraky ny maha maro ny karazanjavamananaina no mampatanjaka natiora. Mahazaka aretina kokoa ny vokatra, masaka ny nofon-tany, madio hatrany ny renirano, ary mora kokoa ny miatrika ny vanim-potoana sarotra.

Ao anatin'ny taninjanakazontsika mpikambana TERAKA, ny fiampian'ny karazan-kazo iray dia mitondra voka-tsoa ho an'ny rehetra. Ny fahasamihafana hita eo amin'ny taninkazo dia misarika ny tantely, miaro ny tany ary mitahiry ny rano.

Izany indrindra no mahatonga ny TERAKA manome lanja ny fahasamihafana: rehefa manankarena karazanjavamananaina ny taninkazo iray dia tsy vitan'ny mahatanty sedra fotsiny fa ihany koa manandanja lehibe amin'ny fandaharanasantsika. Sady miaro ny sahantsika sy ny tanintsika izany, no miaro ny taranaka, ny toetr'andro ary ny planeta iray manontolo mihitsy.



2. FANISANA HAZO IZAY MANEHO NY FAHAVONONAN'NY TANTSAHA ANY SOAVINANDRIANA.

Notanterahana ny 11 Aprily hatramin'ny 03 Mey 2025 ny fanisana hazo voalohany novolen'ny tantsaha mpikambana TERAKA ao amin'ny Distrikan'i Soavinandriana, Faritra Itasy. Nifandrimbona ny ekipan'ny TERAKA sy ny mpikambana ao amin'ny vondrona madinika tsirairay mba handrefy ny vokatry ny ezaka iombonana natao.

Tantsaha 172 no nandray anjara mavitrika tamin'izany ho fanehoana ny finiavan'izy ireo hanome aina vaovao ny tontolo iainana manodidina. Noho izany dia hazo 10 933 no voaisa izay miparitaka amina Kaominina 4. Ny Kaominina Soavinandriana no mitana ny laharana voalohany amin'ny isankazo 1 311; manaraka azy ao ny Kaominina Amparaky (1 157) sy Masindray (913) ary Amparibohitra izay nahitana hazo 214. Ireo tarehimarika ireo dia manaporofo ny firoboroboan'ny fandaharanasa sy fandraisan'andraikitry ny tantsaha ho amin'ny fambolen-kazo.



Mpanisa hazo nandritra ny ny fanisana hazo tany Soavinandriana Itasy

Raha ny ezaka isaky ny vondrona madinika indray no jerena dia ny FANEVA no mitarika amin'ny hazo miisa 579, manaraka azy ao ny FANANTENANA (169) sy ny EZAKA (133). Ireo vokatra ireo no azo dia tsatria misy lehilahy sy vehivavy mino sy matoky fa na kely aza ny anjara birikiny, dia afaka manova sy manatsara amin'ny fomba maharitra ny tontolo iainana izy ireo.
Tsy ny atontan'isa ihany nefa no manamarika ny haren'ny Distrikan'i Soavinandriana fa eo ihany koa ny fahamaroan'ny karazan-kazo hita ao aminy. Hazo 52 karazany no voaisa izay mampitambatra ny harena ara-ekolojika sy ny tombontsoa ara-toekarena ho amin'ny hoavy. Anisan'izany ny manga (Mangifera indica, 3 507), ny zavoka (Persea americana, 680), ny voandelaka (Melia azedarach, 651), ny voasary makirana (Citrus sinensis, 627) ary ny hazo zanatany toy ny andrarezina (Trema orientalis, 231).
Io fahamaroan'ny karazan-kazo io dia manome hery vaovao hoenti-miatrika ny fiovan'ny toetrandro, ary mampanantena vokatra tsara ho an'ny tontolo iainana sy miantoka ny ara-tsakafo ho an'ny fianakaviana mpikambana.

Ankoatra ny tarehimarika, dia maneho ny fitsinjovan'ny fiarahamonina ny hoaviny ity fanisana hazo ity izay miasa dieny izao mba hanorenana izany. Ny hazo voavoly tsirairay tokoa dia voady atao amin'ny taranaka ary fanehoana amin'ny fomba miezinezina ny fiarovana ny fitohizan'ny aina. Ao ambadiky ny hazo aman'aliny voaisa no mitoetra ny finiavan'ny vahoakan'i Soavinandriana hanangana hoavy mamiratra.

3. NY FAHARETANA: antoky ny fandaharanasa teraka

Ny tanjona voalohan'ny fandaharanasa TERAKA dia tsotra nefa tena lalim-paka ihany koa: ny miantoka fa ho velona hatrany ny hazo volena anio, ary ao ambadik'izay dia mbola hijoro hatrany mba ho an'ny taranaka fara aman-dimby.
Izany no antsoina hoe faharetana.
Ny fambolen-kazo dia fihetsika iray tena sarobidy tokoa. Saingy ny tena herintsika, ny toky omentsika ny tany sy ny zanatsika, dia ny fikajiana ireo hazo ireo, mba hahafahany mitombo, haharitra ary miaina ao anatin'ny taona maro.
Satria ny faharetana dia tsy teny fotsiny, fa izy no lalana hahatratrarana ny tanjona rehetra tiantsika hotratrarina na amin'ny lafiny tontolo iainana na sosialy na ara-toekarena. Ny mamboly hazo dia mety ho vita amin'ny andro iray, fa ny fiarovana azy mandritra ny 30, 40, na 100 kosa dia mitaky fandraisana andraikitry ho an'ny tsirairay sy ny daholobe. Ny hazo velona dia afaka mitahiry karbaona, manome aloka, hazo sy manome aina. Ny hazo notapahana kosa dia manary indray ny karbaona ary mampihena ho toy ny tsy misy ireo ezaka efa natao. TERAKA dia safidy ho an'ny ny faharetana sy ny fandraisana andraikitra ary ny hametraka lova ho an'ny taranaka.
Hoy ny tononkalon'i Ny Avana (1924), « Ny hazo maniry, ny tany ijoroany manjary edena ». Mampahatsiahy antsika izany fa ny fisian'ny hazo velona iray dia manova ny tontolontsika ho paradisan'ny aina sy ny karazajavamananaina.
Ity misy ohatra iray:
Rakoto dia tantsaha iray izay namboly hazo teo amin'ny taniny.
Raha nisafidy hanapaka ireo hazony ireo aloha loatra mba hahazoana vola haingana izy, dia very ampahany lehibe amin'ny tombony tokony ho azony: tsy nanana fotoana ahafahany mitahiry karbaona ny hazo, mihamanta ny tany, mihena ny fitrohan'ny tany ny rano ary mihamanjavona ireo karazanjavamananaina. Afaka taona maromaro dia hihamanta ny taniny ary ho lasa tsy azo antoka ny fidiram-bolany. Etsy andanin'izany, ny safidiny dia hisy fiantraikany amin'ny mpiray vondrona aminy: rehefa mihena ny isan'ny hazo, dia mihena ihany koa ny karbaona voatahiry ka mampihena ny tombom-barotra ho an'ny rehetra.
Ny fiarovana ny hazo dia midika ho fiarovana fidiram-bola, ny tany ary ny mpiara-monina

4. NDAO HAROVANTSIKA AMIN'NY ZAVAMANIRY « MANIRINIRY FOANA » NY ALANTSIKA SY NY SAHANTSIKA !

Fantatrao ve fa misy amin'ny zavamaniry hita eny an-tsaha na eny amin'ny tanety eny no tsy avy eto Madagasikara? Nampidirina avy any amin'ny firenena hafa izy ireny. Ary satria haingam-pitombo izy ireny ka lasa mandrakotra ny tany rehetra dia lasa fahavalo misoko mangina ho antsika. Tsy inona izany fa ireo zavamaniry "manirinirY foana".

Zavamaniry mampahantra antsika

Ny raketa mena (Opuntia stricta), izay fahita any amin'ny faritra atsimo, izao ohatra dia manome sakafo ilaina tokoa amin'ny fotoanan'ny haintany saingy mandratra ny omby amin'ny alalan'ireo tsilony izay manarona ny ahitra ary manakana ny ahitra zanatany tsy hitombo intsony.
Ny goavy (Psidium guajava) dia lasa kirihitra matevina manakona ny fahazoan'ireo zava-maniry zanatany ny hazavan'ny masoandro.
Mitroka rano sy otrikaina be ao anaty tany ihany koa izy ka mahatonga ny tany ho manta sy ho mora simba.
Ho an'ny ampovoantany kosa dia toa mahasoa ny kininina (Eucalyptus sp.) sy ny kesika (Pinus sp.) rehefa jerena satria manome hazo hatao kitay sy hanorenana trano haingana nefa kosa ny fakan'izy ireo dia mitroka rano be loatra ary ny raviny dia manamanta tany. Rehefa maina aza moa ny raviny dia manome vahana ny doro tanety satria mora mirehitra. Vokatr'izany rehetra izany dia mihamaina ihany koa ny tanimbary.

Ireo hazo manome aina

Eo anatrehan'izany dia sakaiza mahatoky ny hazo zanatany sy ny hazo fihinam-boa satria:

- *Manatsara sy mahalonaka ny tany ary mitahiry hamandoana.*
- *Miaro ny loharano sy ny tanimbary.*
- *Misintona vorona sy karazam-biby izay manome aina ny tontolo iainana.*
- *Manome voankazo hohanina sy amidy : manga, zavoka, voasary, letisia, voasarimakirana, korosola…*

Ny hazo fihinam-boa iray dia tahirin-tsakafo sy fidiram-bola ho an'ny fianakaviana ary lova mipetraka ho an'ny taranaka faramandimby.

Safidy ho an'ny ho avy

Ny zavamaniry "manirinirY foana" dia toa mahasoa vetivety ihany, nefa kosa manimba tsikelikely ny harena voajanahary ananantsika. Rehefa misafidy ny hamboly hazo zanatany sy hazo fihinam-boa isika dia misafidy tany lonaka, vokatra maharitra sy hoavy azo antoka.
Noho izany rehetra izany, ny hazo zanatany na fihinam-boa volentsika dia dingana iray mankany amin'ny Madagasikara maitso sy mandroso.

5. NY TANIKO, NY TARANAKO, NY FANOLORAN-TENAKO

Raha mbola hain'ny tanako,
ka zakan'ny fananako,
dia hisahiranako,
raha ho an'ny zanako.
Rado

Iombonako hevitra tanteraka ny votoatin'ity tononkalo nosoratan'i Rado, andrarezin'ny kanto Malagasy ity. Amin'ny maha reny ahy, dia mamiko tokoa ny zanako, ka mahatsapa ho manana andraikitra goavana aho manoloana azy. Noho izany, izay rehetra ataoko dia mifantoka amin'ny fanorenana ho avy mamiratra ho azy ireo. Reny aho, ka ataoko ho zava-dehibe ny fandraisako andraikitra ho an'ny tanindrazako, satria io no ho lovain'ny taranako any aoriana. Izany fitiavan-janaka izany indrindra no naharesy lahatra ahy hiasa ato amin'ny fandaharanasa TERAKA, satria mifanindran-dalana tanteraka amin'ny tanjoko sy ny soatoaviko ny zava-kinendriny. Anisan'ny sehatra iray ahafahako maneho fitiavan-tanindrazana ity fandaharanasa ity, noho ireo voka-tsoa sarobidy entiny ho an'ny firenentsika. Raha tsy hitanisa afa-tsy: fanatsarana ny tontolo iainana, fanatsarana ny kalitaon'ny rivotra iainana, famerenana ny loharano izay antoky ny aina, famokarana sakafo maro loko, sy manankarena otrikaina, sns. Faly sy mirehareha aho satria mandray anjara amin'ny asa iray manan-danja sy misy fiantraikany maharitra ho an'ny zanako sy ny mpiray tanindrazana amiko. Isika koa, ry tantsaha TERAKA, dia afaka mirehareha amin'ity asa masina izay ataontsika ho an'ny tanindrazana sy ny taranaka amin'ny alalan'ny fambolen-kazo ity. "Soa atao levenam-bola," hoy ny ohabolan-drazantsika. Koa mahaleova, mahalasana amin'izany adidy masina izany.


Nambinina, mpiasa eo anivon'ny fandaharanasa TERAKA

TSARA HO FANTATRA
Inona no fady ho an'ny TERAKA?
iTERAKA dia TSY hividy tanin'ny tantsaha na hangataka vola amin'ny tantsaha mihitsy .
FANAMARIHANA : TERAKA dia tsy manao politika sady tsy ara-pinoana.

FAMPAHATSIAHIVANA IREO SOKAJIN'NY KARAZAN-KAZO TERAKA:
Ireo lisitra 5 n'ny hazo TERAKA

- **Lisitra maitso :** karazan-kazo zanatany tsy tandindomin-doza, ireo hazo fihinam-boa sy ireo hazo ahazoana vokatra ilaina toy ny tantely sy menaka. Azo ekena ato amin'ny fandaharanasa TERAKA sady ahazoana misitraka fandoavam-bola mialoha isan-taona ambonimbony kokoa noho ny fitazomana ho velona ireo hazo no ahazoana fidiram-bola avy amin'ny tombontsoa hafa entin'ny fambolen-kazo.

- **Lisitra mena :** ivondronan'ireo karazan-kazo tandindomin-doza sy ahiana ho lany tamingana. Azo ekena ato amin'ny fandaharanasa TERAKA sady ahazoana misitraka fandoavam-bola mialoha isan-taona ambonimbony kokoa + ahazoana fidiram-bola avy amin'ny tombontsoa hafa entin'ny fambolen-kazo + vintana handresy amin'ny « Loteria Biodiversité ». Ohatra : Karambito *(Macaranga myriolepida, hazovola (Dalbergia monticola), andramena (Dalbergia normandii)*, baobab *(Adansonia…)*

- **Lisitra volon-davenona :** Manambatra ireo karazan-kazo tsy azo volena ao anatin'ny 2,5 km manodidina ny faritra arovana na faritra manankarena zavaboahary araky ny tondro omen'ny mpitantana. Rehefa ivelan'io faritra io ihany vao azo ekena sady tsy ahazoana tombony ara-bola manokana ato amin'ny fandaharanasa TERAKA. Ex: kininina (Eucalyptus), Acacia, madiro *(Tamarinus indica)*, voandelaka *(Melia azdarach)*, nimo *(Azadirachta indica)*, bonara *(Albizia lebbeck)*, albizara *(Albizia chinensis, …)*

- **Lisitra mainty :** ireo hazo mora mihanaka sy manimba ny tontolo iainana. Tsy afaka ampidirina ho isan'ny hazo TERAKA izy ireo. Ohatra : goavy *(Psidium guajava)*, kesika *(Pinus sp.)*, grevillea *(Grevillea banksii)*.

- **Lisitra fotsy :** Ato amin'ity lisitra ity no ahitana ireo karazan-kazo izay tsy hita ao amin'ny lisitra voalaza teo aloha.

Famintinana : aza atao ambanin-javatra ny fambolena ny hazo ao anaty lisitra maintso sy mena mba hahazoanao fidiram-bola bebe kokoa sy ho fiarovana ny karazanjavamananaina.

TERAKA

GAZETY tohiravina

TERAKA
212 route circulaire Ambanidia
101 Antananarivo

Fampafahantarana : TERAKA
Mpanoratra : VOAHANGINIRINA Hélène, Cédric Hobinirina De Foucault, RAFALIMANANA Fitiavana, ANDRIANIRINA Topaniaina, RAKOTONIAINA Hery Nambinina, VELOMIAFARA Offman
Sary : © TERAKA
Lasitra : Groovy Artistik
Fanontana Printy : ECOPRIM, Ankorondrano
Tél, 22 320 89
Imprimé sur du papier Eco-Responsable FSC
TERAKA dia marika voaaro
www.teraka.org

Raha hiditra mpikambana TERAKA,
antsoy ny laharana :
+261 (0) 34 88 142 35 / +261 (0) 32 03 945 00 / +261 (0) 33 50 854 11